

# *Peace Corps*

*Malagasy*  
*Livre du stagiaire*



## DOCUMENT RESUME

ED 454 700

FL 025 340

AUTHOR Tshiangale, Mupemba Wa  
TITLE Corps de la Paix Madagascar Livre du Stagiare. Langue: Malagasy Ofisialy (Peace Corps Madagascar Volunteer Manual. Language: Official Malagasy).  
INSTITUTION Peace Corps, Antananarivo (Madagascar).  
PUB DATE 1996-05-00  
NOTE 178p.  
PUB TYPE Guides - Classroom - Teacher (052)  
LANGUAGE English, French, Malagasy  
EDRS PRICE MF01/PC08 Plus Postage.  
DESCRIPTORS Contrastive Linguistics; Cultural Awareness; \*Daily Living Skills; Dialogs (Language); Family (Sociological Unit); Food; \*Grammar; Health; Housing; Hygiene; Interpersonal Communication; \*Language Patterns; \*Language Skills; \*Malagasy; Phonology; Second Language Instruction; Second Language Learning; Skill Development; Standard Spoken Usage; Transportation; Uncommonly Taught Languages; \*Vocabulary Development; Weather; Work Environment  
IDENTIFIERS \*Peace Corps

## ABSTRACT

This manual for Malagasy is designed for the specific language instruction needs of Peace Corps personnel working in Madagascar. It is written primarily in English and Malagasy, with introductory sections in French. It consists of 29 topical lessons, each geared to a specific domain and competency and containing information on needed materials, warm-up exercises, notes on classroom presentation, cultural information, exercises, a brief dialogue, new vocabulary, and exercises on cultural content, grammar, vocabulary, and conversational skills. Lesson topics include: personal identification and greetings, food, market shopping, time, calendars, giving and understanding directions, social relationships, daily activities, seasons, health matters, work environment, transportation, and safety and security. A summary chart of domains, competencies, and related vocabulary, grammar, and language functions for the lessons is included. (MSE)


# CORPS DE LA PAIX

ANTANANARIVO

MADAGASCAR



ED 454 700



U.S. DEPARTMENT OF EDUCATION  
Office of Educational Research and Improvement  
EDUCATIONAL RESOURCES INFORMATION  
CENTER (ERIC)

- This document has been reproduced as received from the person or organization originating it.
- Minor changes have been made to improve reproduction quality.
- Points of view or opinions stated in this document do not necessarily represent official OERI position or policy.

**LIVRE DU STAGIAIRE**  
**LANGUE: MALAGASY OFISIALY**

Lot : II Y 14 bis Ambaranjana  
BP : 620, Antananarivo

Tél. : 313 30 - 313 54  
Fax. : 314 13

**BEST COPY AVAILABLE**

**MAI 1996**

Flo25340


## PREFACE

Le Corps de la Paix Madagascar se félicite d'éditer ~~definitivement~~ les manuels en langues locales. Ces manuels sont destinés à l'enseignement de futurs Volontaires appelés à utiliser les variantes dialectales suivantes: Antanôsy, Bara, Malagasy Officiel et Sakalava .

Nous restons convaincu que le sérieux et le souci de mieux faire dont a fait montre toute l'équipe du Programme de Langues constituent des preuves éloquentes de la qualité des résultats que l'on pourrait enregistrer en utilisant ces matériels.

Pour avoir mis à la disposition du Corps de la Paix Madagascar toute son expérience, Monsieur Mupemba Wa Tshiangale, Coordinateur de Langues (LDE) mérite nos remerciements qu'il devra partager avec toute l'équipe des Formateurs et Formatrices de Langues.

Aux Stagiaires et Formateurs de langues, nous souhaitons de gros succès dans leurs tâches respectives.



**Robert B. Friedman**

Directeur du Corps de la Paix Madagascar.

## REMERCIEMENTS

Nous voudrions présenter, à l'occasion de l'édition définitive des manuels de langues édités et initiés par le Corps de la Paix Madagascar, nos sincères remerciements à Madame *Helen Miles, Directeur du stage* pour ses conseils techniques et ses corrections qui nous ont été d'un apport non négligeable dans la rédaction desdits manuels.

Nos encouragements, remerciements et notre gratitude vont également tout droit au *Directeur du Corps de la Paix Madagascar, Robert Friedman* pour nous avoir soutenu dans la réalisation de ce projet qui lui reste sien et propre. Qu'il continue à encourager de tels projets en vue de faciliter le travail du Programme de Langues dont il nous a confié la direction.

Nous serions ingrat si nous ne remercions pas les *Directeurs Adjoints du Corps de la Paix Madagascar, Larry Blake et Thérèse Glowacki* pour leurs assistances, amitié et disponibilité à collaborer avec nous et nous faciliter ainsi nos responsabilités.

Que Madame Elizabeth Dunning et le Volontaire Roland Pritchett soient également remerciés pour nous avoir aidé surtout avec la correction de l'Anglais dans les livres des stagiaires. La première a corrigé et nous a aidé avec le formating desdits livres. Le deuxième a travaillé sur le livre du Malgache Officiel.

Que les *Volontaires et Stagiaires* de deux premières promotions du Corps de la Paix Madagascar soient remerciés pour leurs remarques qui nous ont aidé à repenser ces matériels en vue d'être plus près des besoins des apprenants.

Pour avoir abattu un travail dur et en un temps record et pour avoir même sacrifié leurs heures de repos à penser au contenu de ces matériels, tous les Formateurs et Formatrices des Langues (Malagasy Officiel, Antanosy et Bara) des PSTs 1993, 1994 et 1995 ont droit à un seul mot: MERCI.

Ce merci s'adresse plus particulièrement aux rédacteurs *Ravo Dolce Léa et Rasoazanabary Marta* pour le Malagasy Officiel, *Léa Christine et Rakotonomenjanahary Nata Robert* pour le Bara, *Ravaosolo Tsitakatra Jacqueline* pour l'Antanosy et *Ravo Dolce Lea* pour le Sakalava . Merci à *Andriatahiny Helianta Harinaivo* pour la mise en ordinateur des textes.

Fait à Antananarivo, le 11 Mai 1996.

Mupemba Wa Tshiangale

*Mupemba Wa Tshiangale*  
Language Development Expert.

## NOTE AUX STAGIAIRES

Ce manuel que nous vous présentons n'a de sens que si vous vous sentiez vous-même responsable de votre apprentissage et de votre progrès en langue que vous apprenez.


Ce manuel ne vous donne pas toute la matière et les explications dont vous auriez besoin, il vous semblera un canevas et même un schéma. C'est ainsi que nous avons jugé bon de ne pas traduire en Anglais certaines structures lexicales ou mots de vocabulaire dans le souci de vous permettre de suivre les explications du Formateur ou de la Formatrice en classe. Car ce manuel ne se fixe pas comme objectif un apprentissage autodidacte.

Ce manuel cherche au contraire à favoriser les contacts entre Formateur-Stagiaire en exploitant les besoins immédiats des Stagiaires en langue et culture en vue de la bonne intégration du ou de la stagiaire dans les milieux hôtes .

Ce manuel reste ainsi un document incomplet, les explications en classe vous aideront à comprendre mieux certaines théories qui ne sont peut-être pas très clairement exprimées.

Nous espérons que votre participation aux leçons et votre prise de conscience du fait que vous êtes les premiers responsables de votre apprentissage vous seront des outils nécessaires pour obtenir des résultats escomptés .

Mupemba Wa Tshiangale



Language Development Expert

**CONTENTS OF COMPETENCIES  
(Official Malayasy)**

N	Domain	Competency	Vocabulary	Grammar	Function
1	Personal identification	PWBAT greet others and introduce him/herself.	Nationalities Professions	Personal pronouns	Greetings Farewells
2	Personal identification	PWBAT introduce somebody to a third person	Professions	Active voice	Making introductions
3	Personal identification	PWBAT talk about his/her family	The members of the family	Possessive adjectives: placement	Introducing one's family
4	Food	PWBAT order food in a small restaurant	Names of dishes	Cardinal numbers (1-10)	Ordering food
5	Food	PWBAT express his/her tastes and preferences in food	Different kind of tastes	Degree of comparative	Expressing personal tastes and preferences
6	Shopping	PWBAT get information about price and quality of items in the local market	Different quality of items	Cardinal numbers	Asking about quality Asking about price
7	Shopping	PWBAT bargain in the market	Different quality of items	Cardinal numbers	Negotiating price



8	Time Season Calendar	PWBAT name the days of the week and talk about his/her activities	Daily activities Days	Present tense	Describing activities
9	Time Season Calendar	PWBAT tell time, name the parts of the day and talk about the relevant activities	Daily activities Parts of day	Past tense	Telling time Describing activities
10	Market	PWBAT ask someone to buy something for her/him	Items	Future tense	Asking favors
11	Food	PWBAT prepare Malagasy food	Appropriate words in preparation of rice	Passive voice	Indicating steps, a sequence of events
12	Directions	PWBAT ask for directions to get some place	Place names	Prepositions of place	Asking directions
13	Directions	PWBAT describe a place	Qualificative adjectives	Placement of prepositions	Describing a place
14	Directions	PWBAT situate a place geographically	Cardinal of the compass	Active imperative Passive imperative Relative imperative	Describing a location
15	Social relationship	PWBAT extend and respond to invitations	Festive events	Conjunctions: <u>fa</u> and <u>satria</u>	Accepting an invitation Declining an invitation

16	Social relationships	PWBAT congratulate someone on happy occasion	Holidays Happy events	Auxiliary <u>samy</u>	Holiday greeting congratulating at happy events
17	Social relationships	PWBAT offer his/her condolences to a grieving family	Words relating to death	Causative <u>-amp-</u>	Offering condolences
18	Daily activities	PWBAT ask a family about their everyday activities	Different kind of activities	Adverbs of time	Asking about activities
19	Daily activities	PWBAT express some of his/her needs	Needs	Auxiliaries: <u>te</u> , <u>tokony</u> , <u>mila</u> , <u>tsy maintsy</u>	Expressing basic needs
20	Weather Calendars	PWBAT describe the season	Season Seasonal elements	Conjunctions: <u>ka</u> / <u>nefa</u> .	Describing seasonal activities
21	Weather Seasons Calendars	PWBAT talk about seasonal activities	Different agricultural activities	Conjunction <u>rehefa</u> and its placement	Describing seasons
22	Health	PWBAT talk about his/her health	Body parts	Adverbs of frequency	Talking about someone's health
23	Health	PWBAT inquire about someone else's health	Symptoms of some illnesses	Adverb of frequency	Inquiring about someone's health
24	Work	PWBAT talk about Peace Corps	Peace Corps programs	Preposition <u>amin'ny</u>	Explaining the goals of Peace Corps
25	Work	PWBAT speak about his/her job as a PCV	Words relating to teaching and teacher training	Forming nouns from verbs	Talking about one's job

26	Transport	PWBAT inquire about travel possibilities, costs and conditions	Means of transport	Interrogative words	Complaining about a problem that might arise during a trip.
27	Social relationship	PWBAT refuse politely sexual advances or someone's offer for an intimate relationship	Phrases used in flirting	Prefix <u>mpi-</u>	Expressions to say no to an intimate relationship
28	Security	PWBAT seek help from the community members in case of an emergency	Actions relating to aggression	Pronoun <u>izany</u>	- Sending someone to seek help - Useful directions to a guard
29	Security	PWBAT describe his problems to the authority	Juridical words	prefix <u>maha-</u>	Describing aggressions

LSM 1


TOPIC: Fampahafantarana (Personal identification)

COMPETENCY: Mahay miarahaba sy mampahafantatra ny tenany ny mpiofana.  
(PWBAT greet others and introduce him/herself.)

---

---

1. Visual aids



LSM 1/1

2. Dialogue

(Scenario: PCT Bob and Jao, a Malagasy trainer, meet for the first time.)

J: Manahoana?  
B: Manahoana!  
J: Inona ny vaovao?  
B: Tsy misy.  
J: Jao no anarako. Malagasy aho.  
Mpampiofana aho.  
B: Faly mahalala anao. Bob no anarako.  
Mpiofana aho. Amerikana aho.  
J: Faly mahalala anao koa aho.  
B: Eny ary, veloma.  
J: Veloma e!

3. Cultural note

Mifandray tanana ny Malagasy rehefa mifampiarahaba.  
(Malagasy greetings usually include shaking hands.)

4. Vocabulary

Malagasy

English

Nationalities

Frantsay

\_\_\_\_\_

Afrikana

\_\_\_\_\_

Sinoa

\_\_\_\_\_

Karana

\_\_\_\_\_

Vazaha

\_\_\_\_\_

Professions

mpampiofana

\_\_\_\_\_

mpiofana

\_\_\_\_\_

mpampianatra

\_\_\_\_\_

mpianatra

\_\_\_\_\_

mpahandro

\_\_\_\_\_

mpanasa lamba

\_\_\_\_\_

direktera

\_\_\_\_\_

sekretera

\_\_\_\_\_

gardien

\_\_\_\_\_

## 5. Simple sentence structure

Text:

Amerikana i Bob.  
Mpiofana izy.  
Malagasy ny mpampiofana.

This text is composed of simple sentence structures; all of which consist of just two or three elements.

1. Amerikana i Bob. (Bob is American.)  
predicate art subj
2. Malagasy ny mpampiofana.  
predicate art subject  
(The trainers are Malagasy.)
3. Mpiofana izy. (He is a trainee.)  
predicate subject

Predicate + [(article) + subject]

N.B: In these sentences, the predicate is an adjective or a noun.

In "Amerikana i Bob", Amerikana is an adjective.

In "Mpiofana izy", Mpiofana is a noun.

(The predicate can also be a verb, as will be seen in the next lesson.)

- All proper nouns are preceded by the article i, as in example 1.
- Substantives (common nouns) are preceded by the article ny, as in example 2.
- In example 3, where the subject is a personal pronoun, no article is obvious.
- There is no verb "to be" in Malagasy.

6. Personal pronouns

Text:

Amerikana aho.  
Malagasy ianao.  
Nelson Mandela, Afrikana izy.

Singular	Plural
aho	isika (inclusive form) izahay (exclusive form)
ianao	ia:areo
izy	izireo

7. Interrogative sentences with "Ve"

A: Amerikana ve i Bob?  
B: Eeen, Amerikana izy.

- The interrogative marker "ve" is placed before the subject of a sentence.

Predicate + ve + [(article) + subject]?

8. Negative sentences

A: Frantsay ve i Jao?  
B: Aan, tsy frantsay izy.

- Tsy indicates a negative sentence.
- Aan simply means "No".

9. Affirmative sentences


A: Amerikana ve i Bob?  
B: Eeen, Amerikana i Bob.

- Eeen, simply means "Yes".

10. Greetings

A: Manahoana tompoko?  
B: Tsara fa misaotra, tompoko.  
A: Inona ny vaovao?  
B: Ts'isy/tsy misy.

## 11. Farewells



A: Eny ary, veloma!

B: Veloma o!

A: Eny ary e, mandra-pihaona!

B: Mandra-pihaona e!

- When replying to a farewell, the pronunciation of the last syllable of the response is slightly altered. They are pronounced in this way: "velomôôôô!" or "mandra-pihaonéééé!".

## EXERCISES

### 12. Scrambled sentences

Rearrange the following words into meaningful sentences.

- ianao/manahoana.
- anarako/no/Lea/i.
- Amerikana/aho/Karen/i/no/anarako.
- anao/faly/mahalala.
- tompoko/ianao/veloma.



13. Bijection

Match the names you've been given with the following professions, then add the individual's nationality.

<u>Professions</u>	<u>Names</u>
sekretera	_____
mpiofana	_____
mpampiofana	_____
mpanasa lamba	_____
mpahandro	_____
gardien	_____
mpampianatra	_____

14. Translation

Translate the following dialogue into Malagasy.

J: How are you?  
S: I'm very well, thanks.  
J: My name's John. I'm Chinese. I'm a student.  
S: Nice to meet you. My name is Soa. I'm Malagasy. I'm a cook.  
J: Nice to meet you, too.  
S: What's up?  
J: Nothing special.  
S: Bye!  
J: Bye.

15. Task

You've been given the name of a staff member. Find him/her to say hello and introduce yourself. Don't forget to say good bye!

SELF-EVALUATION

I am able to	Not at all	Fairly well	Well
greet someone			
introduce myself			
say goodbye			

in Malagasy.

LSM 1/6


LSM 2

TOPIC: Fampahafantarana (Personal identification)

COMPETENCY: Mahay mampahafantatra olona hafa ny mpiofana.  
(PWBAT introduce someone to a third person.)

---

1. Visual aids



LSM 2/1

2. Dialogue

(Scenario: Noro, a Malagasy trainer, introduces her friend Bakoly to PCT John.)

N: Bakoly, izy no John, mpiofana izy.

B: Faly mahalala anao, ry John.

N: John, izy no Bakoly, namako. Mpitsabo izy.

J: Faly mahalala anao koa aho, ry Bakoly.

3. Cultural note

Tsy zatra ny mampahafantatra olona hafa ny eto Madagasikara raha tsy amin'ny "situation officielle".

(Except on special occasions {i.e., a party, wedding reception, or meeting someone in a formal situation}, Malagasy people often don't introduce themselves or their companions to a third person.)

5. Vocabulary

Malagasy

English

Professions

mpitsabo

-----

rasazy

-----

mpamboly

-----

mpivarotra

-----

mpiompy

-----

Actions

mitsabo

-----

mamboly

-----

mivarotra

-----

miompy

-----

manasa

-----

mianatra

-----

mampiofana

-----

## 6. Active voice

Text:

Mpitsabo i Peter.  
Mitsabo ny mpiofana izy.  
Tsy mitsabo ny mpampiofana izy.

- In the active voice, the subject of a sentence performs the action described by the verb.

Ex: Mitsabo ny mpiofana i Peter.  
{Provides medical treatment for the trainees Peter.}  
(Peter provides medical treatment for the trainees.)

## 7. Structure of a sentence (active voice)

Ex: Mitsabo ny mpiofana i Peter. (Declarative)  
verb object subject

Tsy mitsabo ny mpampiofana izy. (Negative)  
verb object subject

Predicat + object + (article + subject)

N.B. The conjugation of verbs in the active voice doesn't change.

## 8. Forming the active verb

Ex: mpiofana -> miofana (trainer -> to train)  
mpianatra -> mianatra  
mpivarotra -> mivarotra  
mpiompy -> miompy

- Notice that the names of many professions begin with the letters mp-. This is a marker meaning profession in Malagasy. In order to transform the noun "mpampianatra" (teacher), for example, into the active verb "mampianatra" (to teach), simply remove the letter p from the prefix mp-.

## 9. Interrogative "Inona"

Ex:       Manao inona ianao?     (What are you doing?)  
          Mianatra inona i John? (What does John study?)  
          Mamboly inona ianao?

- In the active voice, "inona" is placed between the verb and the subject.

Verb + inona + subject?

Ex:       Mamboly inona ianao?  
          verb                   subject  
  
          Mianatra inona i John?  
          verb                   subject

## 10. Interrogative "Iza"

Ex1:     Iza ianao, azafady? (Who are you, please?)  
          personal pronoun

          Iza i Jacquy, azafady?  
          noun

          Iza ny dokotera, azafady?  
          noun

- Iza is placed at the beginning of a question.

Iza + noun/pronoun?

- This interrogative is also used to ask someone his/her name. "Iza ny anaranao?" means "What's your name?"

Ex 2:     Iza no mampianatra teny Antanosy?  
          verb                                   object  
          (Who teaches Antanosy?)

          Iza no mitsabo ny mpiofana?  
          verb                   object

Iza + no + verb + object?

- Note that when a verb follows "iza" (or another interrogative word), the particle no is required between them. No is not translatable into English.

LSM 2/4

11. Asking about someone's work about someone's job

These are useful phrases to ask:

Manao inona ianao? \_\_\_\_\_  
Inona no ataonao? \_\_\_\_\_  
Inona no asanao? \_\_\_\_\_

12. Making introductions

Ex: Izy no Benja. (This is Benja.)  
Izy no dokotera.

- This is a phrase to use when introducing one person to another:

"Izy no \_\_\_\_\_."

EXERCISES

13. Line-gram

Complete this dialogue with the trainer.

Dick: \_\_\_\_\_ izy , ry Lanto?  
Lanto: \_\_\_\_\_ Bako, \_\_\_\_\_ izy. \_\_\_\_\_ hamburger  
izy.  
Dick: Faly \_\_\_\_\_ anao, ry Bako.  
Bako: \_\_\_\_\_ ianao?  
Dick: Dick no \_\_\_\_\_ . Mpitsabo aho.  
Bako: \_\_\_\_\_ mahalala anao koa aho, Dick.  
Dick: \_\_\_\_\_ , ry Lanto sy Bako?  
B. sy L: Tsy misy.  
Dick: Eny ary, veloma.  
Lanto: \_\_\_\_\_!

14. Role play

Act out the completed dialogue with a partner, after making appropriate changes.

15. True or false

Read the following sentences to identify whether each is true (marina) or false (diso). If false, rewrite it correctly.

- a. Mianatra teny Malagasy ny mpiofana Amerikana.
- b. Mitsabo ny mpiofana i Mupemba.
- c. Mampiofana ny mpiofana sante i Lucie.
- d. Mivarotra vary i Helen.
- e. Mitsabo ny mpampiofana i Boda.
- f. Mamboly ny mpiofana education.
- g. Mampianatra teny Frantsay i Lea.
- h. Miompy aho.
- i. Mampiofana i Lucie.
- j. Rasazy i Jacky.
- k. Mpanasa lamba i Fara.

16. Questions

Given flashcards depicting different professions, write two questions for each using the interrogatives "iza" and "inona". After being corrected, ask a classmate your questions.

17. Task

With a partner, visit the person whose name you were given and introduce your friend to him/her.

SELF-EVALUATION


I am able to	Not at all	Fairly well	Well
introduce someone to			
somebody else			
in Malagasy.			

TOPIC: Fampahafantarana (Personal identification)

COMPETENCY: Mahay miresaka momba ny fianakaviany ny mpiofana.  
(PWBAT talk about his/her family.)

---

1. Visual aids





2 Text

Ny fianakaviako

Ity ny fianakaviako.  
Izy no dadako. Dokotera izy.  
Izy no neniko. Mpamboly izy.  
Mipetraka any Manakara izireo.  
Manana zoky sy zandry aho.  
Mipetraka eto Tanà izireo.  
Tsy manana nenibe sy dadabe aho.  
Efa maty izireo.

3. Cultural note

Tsy ny ankohonana no atao hoe fianakaviana amin'ny Malagasy fa ny ankohonana maromaro mitambatra.

(Generally, when speaking of his/her family, a Malagasy person means the whole extended family; not the smaller, "nuclear" group.)

4. Vocabulary

Malagasy	English
Mipetraka	_____
Maty	_____
Fianakaviana	_____
Dada	_____
Neny	_____
Dadabe	_____
Nenibe	_____
Zoky	_____
Zandry	_____

5. Verb "Manana" (to have)

Text:

Manan-joky i Soa.  
I Bera no anarany.  
Tsy manan-jandry izy.

- In Malagasy, the singular and plural forms of a verb are the same.

Ex: Manana fianakaviana izy.  
verb            obj.            subj.  
{Has a family he/she}  
(He/she has a family.)

Manana fianakaviana izireo.  
verb                      obj.                      subj.

Manana zoky aho. -> Manan-joky aho.  
(I have an older sibling.)

Manana zandry izy. -> Manan-jandry izy.

Manana vady i John. -> Manam-bady i John.

Tsy manana vady i Sally. -> Tsy manam-bady i Sally.

- When the object of the verb manana begins with letters "z" or "v", the objects change in both spelling and pronunciation: "z" becomes "j", "v" becomes "b".

## 6. Possessive adjectives: placement

Ex:            Ity ny dadako. (This is my dad.)  
                  Ity ny zandrinao.

ny dadabeko  
ny neninay (our mother, not yours)

Malagasy possessive adjectives are attached to the end of the nouns they modify:

Singular possessive adjectives		Plural possessive adjectives	
-ko		-ntsika (inclusive form)	
		-nay (exclusive form)	
-nao		-nareo	
-ny		-nizireo	

## 7. Interrogative "Aiza"

Ex:            Mipetraka aiza ianao?  
                  verb                      subj.  
                  {Where live you?}  
                  (Where do you live?)

Mianatra aiza i John?  
                  verb                      subj.

"Aiza" can be placed after the verb.

Verb + aiza + subject?
---------------------------

Ex:       Aiza ianao no mipetraka?  
              subj.           verb  
              {Where you live?}  
              (Where do you live?)

Aiza i John no mampianatra?  
              subj.           verb

"Aiza" can be placed at the beginning of a question.

Aiza + subject + no + verb?

- Note the inclusion of the particle "no" in this structure.

## 8. Introducing one's family

Ex:        Ity ny dadako. (This is my father.)  
              Ity i Nary.

These phrases may be used to introduce one's family:

Izy {no \_\_\_\_\_.  
      {ny \_\_\_\_\_.

## 9. Asking about a place

ex:        Aiza no ipetrahan'i Anna?  
              Aiza i Bob?  
              Mipetraka aiza ny namanao?


These are expressions to ask about a place:

- Mipetraka aiza i/ny \_\_\_\_\_?
- Aiza no ipetrahana \_\_\_\_\_?
- Aiza i/ny \_\_\_\_\_?

## EXERCISES

### 10. Fill in the blanks

Fill in the blanks of the words on this family tree with the correct letters.



- This is now your family. Introduce them to the class!

### 11. Correct the mistakes

Correct the possessive adjectives in each pair of sentences.

1. Jacky no anarako.  
Mipetraka any Toliara ny dadany.
2. Manana zoky aho.  
Bema no anarany.
3. Vony no anarako.  
Rasoa no anaran'i Neniny.
4. Izy no Robert.  
Zokinao izy.
5. I Lea no anarany.  
Bera no anaran'ny zokiko.
6. Marta no anarany.  
Mipetraka any Antsirabe ny dadabeko.
7. Christine no anarany.  
Mipetraka any Toliara ny zandrinao.

LSM 3/5

## 12. Questions

Write a question using each of these words:

ve, iza, manao, inona, manana, aiza, mipetraka

Now, ask a classmate some of your questions.

## 13. Constructalog

Complete the following dialogue with these words:

een, manana, tsy, mipetraka, mianatra, mpamboly, Toliara, -ko, -ny, aiza, neniko

S: \_\_\_\_\_ fianakaviako aho. \_\_\_\_\_ any Vondrozo ny dadako sy \_\_\_\_\_. \_\_\_\_\_ ny dadako. Rabary no anara \_\_\_\_\_.

J: Mipetraka \_\_\_\_\_ ianao?

S: \_\_\_\_\_ mipetraka amin'ny dada sy neni \_\_\_\_ aho. Mipetraka any \_\_\_\_\_ aho.

J: \_\_\_\_\_ ve ianao?

S: \_\_\_\_\_, mianatra aho.

## 14. Task

Find the person you've been assigned to and tell him/her about your family. Then ask about his/hers, using these types of questions:

- Manana zoky ve ianao?
- Iza ny anarany?
- Manana zandry ve ianao?
- Iza no anarany?
- Mipetraka aiza izireo?
- Manana dadabe sy nenibe ve ianao?
- Aiza izireo?

## SELF-EVALUATION

I am able to	Not at all	Fairly well	Well
describe family relations			
in Malagasy.			

LSM 4


TOPIC: Sakafo (Food)

COMPETENCY: Mahay mikomandy sakafo any amin'ny "hotely" ny mpiofana.  
(PWBAT order food in a small restaurant.)

---

---

1. Visual aids



LSM 4/1

## 2. Dialogue

(Scenario: PCT Al is ordering a meal from the waiter [mpandroso sakafo] in a "hotely" .)

Mp.S. Mandosoa Tompoko! Mipetrapetraha!

Al. Misaotra tompoko, inona no sakafo misy ao?

Mp.S. Misy hena kisoa sy tsaramaso ary atidohan-kena.  
Inona no atao ho anao?

Al. Anaovy vary iray sy tsaramaso aho, azafady.

Mp.S. Ity ny sakafonao. Mazotoa homana.

Al. Misaotra betsaka.

## 3. Cultural note







Tsy fahalalam-pomba ny milelaka tanana eo am-pisakafoanana na aiza na aiza toerana ihinanana, fa heverin'ny olona ho tendan-kanina.

(It isn't polite to lick one's finger while eating with other people because they will think that you are greedy.)

Raha asain'olona ka hitondra fanomezana na hanasa olona dia tsara raha manontany ny fadin'izireo, fa raha manao ny mifanohitra amin'ny fadiny ianao dia heveriny ho manompa azy.

(When making or accepting an invitation to eat, it's always polite to ask whether or not people have any taboos related to food. If people are not asked about their taboos they may be feel offended.)

## 4. Vocabulary



Malagasy

English

hotely  
mikomandy  
misy

-----  
-----  
-----

Meats

hena kisoa  
hen'omby  
akoho

-----  
-----  
-----

trondro

-----

Vegetables and fruits

anana  
tsaramaso  
voatabia  
ovy  
voankazo  
akondro  
voasary  
trondro

-----  
-----  
-----  
-----  
-----  
-----  
-----  
-----

5. Dialogue

(Scenario: Jerry asks about food in a "hotely".)

J.: Misy akoho ve?

M.S: Aaaan, tsy misy. Efa lany.

6. Verb "Misy"

Ex: Misy akoho.  
(There is some chicken.)

Misy hena kisoa sy tsaramaso.  
(There is some pork and beans.)

**Misy + noun.**

Interrogative sentences

Ex: Misy akoho ve?  
(Is there any chicken?)

Misy hena kisoa sy tsaramaso ve?

**Misy + noun + ve?**



## Negative sentences

Ex: Tsy misy akoho  
(There is no chicken.)

Tsy misy hena kisoa sy tsaramaso.

Tsy + misy + noun.
-----------------------

- "Tsy misy" often contracts to "Ts'isy".

Ex: Tsisy akoho.  
Tsisy henakisoa sy tsaramaso.

## 7. Conjunctions "Sy", "Ary"

Ex: Misy hena kisoa sy tsaramaso.  
(There is pork and beans.)

Misy akoho sy tsaramaso ary trondro.

Misy voasary sy akondro ary paiso.

Misy _____ sy _____ ary _____.
--------------------------------

- When listing just two things, the conjunction sy is used between them. When enumerating several things, sy is employed throughout the phrase until the last object is reached. Ary then precedes the last item on the list.

## 8. Cardinal numbers

Iray	___1___	Enina	_____
Roa	_____	Fito	_____
Telo	_____	Valo	_____
Efatra	_____	Sivy	_____
Dimy	_____	Folo	_____

9. Cardinal numbers (as adjectives)

Ex: Manana voasary roa aho.  
{Have orange two I.}  
(I have two oranges.)

Omeo akondro folo aho azafady  
{Give banana ten I please.}  
(Give me ten bananas, please.)

- Cardinal numbers are placed after the nouns they modify, as above.
- There is no marker for the plural form of nouns in Malagasy.

10. Interrogative "Firy"

Firy ny Coca? (How many Cokes?)  
Firy ny labiera?  
Firy ny voasary?  
Art. N

Firy + article + noun?

11. Ordering food

- Phrases for a restaurant:

Misy \_\_\_\_\_ ve?  
(Is/are there \_\_\_\_\_?)

Inona ny sakafo misy?  
(What kind of food is there?)

Mila \_\_\_ sy \_\_\_ ary \_\_\_ , azafady.  
(I'd like \_\_\_\_\_ , please.)

Anaovy \_\_\_ sy \_\_\_ ary \_\_\_ , azafady. } (Would you please  
Omeo \_\_\_ sy \_\_\_ ary \_\_\_ , azafady. } give me \_\_, \_\_ , and?)




12. Table talk

Mandrosoa hisakafo!  
Mazotoa homana!

EXERCISES

13. Scrambled words

Rearrange the following words into meaningful words.



14. Dialogue

Very hungry while in Analakely one afternoon, you go into a "hotely" for a big meal. Work with a partner to write the dialogue you will have with the waiter.

A:

B:

A:

B:

A:

B:

A:

B:

15. Role play

Act out the following dialogue. Be expressive!

- MpS. Mandrosoa tompoko. Mipetrapetraha!  
H. Inona no sakafo misy ao?  
MpS. Misy tsaramaso sy trondro ary atidohan-kena.  
H. Tsy misy akoho ve?  
MpS. Lany ny akoho. Inona no atao ho anao? Atidohan-kena?  
H. Fady atidohan-kena aho. Anaovy trondro sy vary aho.  
MpS. Ity ny sakafonao. Mazotoa homana.

16. Task

On your day off, go into a "hotely" and order a meal using only Malagasy. Report on your excursion next time in class.

SELF EVALUATION

I am able to	Not at all	Fairly well	Well
name some foods			
order meals in a "hotely"			
count up to ten in Malagasy.			


LSM 5

TOPIC: Sakafo (Food)

COMPETENCY: Mahay milaza ny safidiny sy izay tiany amin'ny sakafo ny mpiofana.  
(PWBAT express his/her tastes and preferences in food.)

---

1. Visual aids



LSM 5/1

2. Text

Tia "pizza" sy "hamburger" ny Amerikana. Ny pizza no sakafo tiany indrindra. Misotro dite sy kafe izireo. Tiany ny labiera noho ny dite. Tsy tia hena ny vezetariana. Tia vary sy hena ny Malagasy.

3. Cultural note

Tsy fomba ny manoroka ny sakafo rehefa misakafo.  
(To sniff food at the table is considered very impolite.)

4. Vocabulary

Malagasy	English
tia	_____
mihinana	_____
misotro	_____
manandrana	_____
<u>Foods</u>	
sakay	_____
rano	_____
voasary	_____
sira	_____
siramamy	_____
<u>Tastes</u>	
mamy	_____
masira	_____
marikivy	_____
masiaka	_____
mangidy	_____
matsatso	_____

5. Inverse sentence

ex: Dite sy kafe no sotroin' ny Amerikana.  
Subject                  Verb                  Object

Vary sy hena no hanin'ny Malagasy.  
Subject                  Verb                  Object

This is the inverse structure.

subject + no + verb + object

The inversed structure is used to put an emphasis on the subject.

ISM 5/2

6. Superlative: "Indrindra"

Ex: Akondro no voankazo tiako indrindra.  
(Bananas are the fruit I like most.)

Akoho no hena tiako indrindra.

Manga no voankazo tsara indrindra.

- Indrindra often occurs at the end of a sentence.

Noun + no + noun + adjective/verb +  
indrindra.

7. Comparative sentence

Ex: Tiako ny kafe noho ny dite.  
(I prefer coffee to tea.)

Tian'ny PCT ny pizza noho ny vary.

Tsara amin'ny Malagasy ny vary noho ny spaghetti.

Verb/adjective + noun + noho + noun.

In a comparative sentence, noho is placed between the two elements which are compared, the first one being compared to the second.

8. Verb "Tia" (to love/like)

Tia vary ny Malagasy.  
(Malagasy people like rice.)

Tiako ny mofo mamy.

Tiako ny dadako.  
(I love my father.)

- The possessive adjectives -ko, -nao, and -ny when appended to verbs become personal pronouns.

9. Expressing personal tastes and preferences

Text:

Tia sakafo be aho. Tena tia voankazo aho ary ny sakafo masira no tena tiako indrindra.

LSM 5/3

- Phrases expressing personal preferences:

Tiako \_\_\_\_\_. (I like \_\_\_\_\_.)

Tena tia \_\_\_\_\_ aho. (I like \_\_\_\_\_ very much.)

Tena tiako indrindra \_\_\_\_\_. (I prefer \_\_\_\_\_ the most.)

## 10. Asking about tastes and preferences

Phrases inquiring tastes and preferences of someone:

- Inona no atao ho anao? \_\_\_\_\_
- Inona no hosotroina? \_\_\_\_\_
- Inona no hohaninao? \_\_\_\_\_
- Inona no tianao? \_\_\_\_\_

## EXERCISES

### 11. Fill in the chart

Fill in the chart by referring to the foods listed in the left column, and marking any appropriate box(es) which describes their taste. Then write sentences using the chart.

	mamy	masira	mangidy	matsatso	marikivy	masiaka	sentences
sira		X					
siramamy	X						
kafe							
dite							
sakay							
akondro							
rano							
voankazo							

### 12. Phraseology

Use the following:

tia, tsara, noho, ratsy, noho, ratsy, noho, indrindra

with the words in the chart to make comparative sentence.

### 13. Writing

Describe the Malagasy foods you like and compare them with your favorite American foods.



14. Task

During meals, tell your trainer about your tastes and preferences.

SELF-EVALUATION

I'm able to	Not at all	Fairly well	Well
express my food tastes and preferences			
ask about someone else's taste and preferences in food in Malagasy.			

TOPIC: Fiantzenana (Shopping)

COMPETENCY: Mahay mila hevitra momba ny vidin-javatra sy ny hatsaran'ny entana vidina ny mpiofana  
(PWBAT get information about prices and quality of items in a local market.)

---

1. Visual aids



2 Dialogue

(Scenario: PCV Jennifer and her Malagasy friend Beby are buying clothes at a "mpivarotra's" stall in the market.)

Mp: Lamba, madama a! Lamba madama a!

J: Inona no vidinao ry Beby?

B: Lamba matevina no vidiko .....Tsara ve ity?

J: Eeen, mateza be io.

Mp: Lamba madama! Lamba madama!

J: Hoatrinona ny iray metatra?

Mp: 2.000 ariary.

J: Omeo telo metatra aho. Ity ny volanao.

Mp: Ity ny lambanao madama.

J: Misaotra betsaka.

3. Cultural note

Tsy tsara ny miteny eo imason'ny mpivarotra hoe : ratsy ny entanao, fa mahatezitra azy izany.

(It's best not to criticize a vendor's goods in front of him/her. It may provoke an angry reaction.)

4. Vocabulary

Malagasy

English

mividy

-----

hoatrinona

-----

satroka

-----

lamba

-----

ratsy

-----

manify

-----

vita gasy

-----

vaovao

-----

matevina

-----

mateza

-----

metatra

-----

kilao

-----

5. Cardinal numbers

10 = folo                      200 = roan-jato              3000 = telo arivo  
 50 = dimam-polo              600 = enin-jato              4000 = efatra arivo  
 80 = valo-polo                900 = sivin-jato              7000 = fito arivo

10.000            = iray alina  
 100.000         = iray hetsy  
 1.000.000      = iray tapitrisa

10	100	1000
10 = folo	100 = zato	1000 = arivo
2 ]	2 ]	2 ]
3 ]	3 ]	3 ]
4 ]	4 ]	4 ]
5 ] + polo	5 ] + (n)jato	5 ]
6 ]	6 ]	6 ] + arivo
7 ]	7 ]	7 ]
8 ]	8 ]	8 ]
9 ]	9 ]	9 ]

- Two digit numbers ending in zero with the exception of 10 (folo), are read number + polo. Enim-polo (60).
- Three digit numbers ending in zeroes, except 100 (zato), are read number + njato. Roa-njato (200)
- Four digit numbers ending in zeroes, except 1,000 (arivo), are read number + arivo. Fito arivo (7,000)

6. Asking about quality

Mateza ve ity lamba ity?  
 (Is this material strong?)

Vita gasy ve ity lamba ity?

Vaovao ve ity hena ity?

- Notice the form of these questions:

                   ve ity                    ity?

7. Asking about price

Ex: Hoatrinona ny vidin'ny \_\_\_\_\_? (How much is the price of \_\_\_?)  
Hoatrinona ny \_\_\_\_\_? (How much is a \_\_\_\_\_?)

- "Hoatrinona" (How much?) is used to ask about prices. This word always occurs at the beginning of a question.

EXERCISES

8. Marina sa diso/true or false

Identify whether each of the following statements is true or false. If false, rewrite it correctly.

Amidy amin'ny kilao ny voasary.

Mividy vary amin'ny metatra ny mpahandro.

Vidina amin'ny metatra ny lamba.

Mividy lamba amin'ny metatra i Bema.

Mivarotra akoho amin'ny metatra Raso.

Vidina amin'ny kilao ny voatabia.


Mivarotra vary amin'ny kilao i Lala.

Mividy siramamy amin'ny metatra aho.

Amidy amin'ny kilao ny anana.

Strip story

9. Rearrange the following pictures so that they make sense.



LSM 6/5

10. Use the following phrases to complete the dialogue in the pictures.

Omeo satroka iray aho. (Give me one.)

200 ariary. (100 francs.)

Ity ary ny satrokao. (Here's your hat.)

Hoatrinona ny satroka? (How much are the hats?)

Misaotra betsaka. (Thanks a lot.)

11. Choose a partner to act out the preceding dialogue (after substituting another object than that pictured).

12. Task

Go to a nearby market and ask about the price and quality of several items. Be ready to report about them to the class.

SELF-EVALUATION

I am able to	Not at all	Fairly well	Well
ask about prices of items at the market			
ask about the quality of goods in Malagasy.			

DOMAIN: Fiantzenana (Shopping)

COMPETENCY: Mahay miady varotra eny an-tsenana ny mpiofana.  
(PWBAT bargain in the market.)

---

1. Visual aids





2. Dialogue

(Scenario: PCT Kevin negotiates the price of potatoes.)

K: Hoatrinona ny ovy iray kilao?  
 V: Roan-jato ariary.  
 K: Lafo be izany. Mba ataovy ariary zato e!  
 V: Aaan, tsy mety.  
 K: Mba ataovy dimam-polo amby zato e!  
 V: Omeo, ary, ny volanao.

3. Cultural note

Mahaiza miady varotra rehefa mividy entana eny an-tsena, satria matetika ataon'ny mpivarotra lafo loatra izireny. Tsy voatery hividy anefa fa "varotra tsy raikitra tsy maharatsy fihavanana".

(Since prices [especially for artisanal items] at the market are often inflated, be ready to bargain. Even if you finally decide not to purchase the item negotiated, that's alright, since you're not obliged to buy it.)

4. Vocabulary

Malagasy	English
litatra	_____
kapoaka	_____
toko	_____
tena lafo be	_____
lafo be	_____
lafo	_____
antonony	_____
mora	_____

5. Cardinal numbers

- Numbers are read from the right to the left in Malagasy.

73	telo	amby	fito-polo				
120	roa-polo	amby	zato				
194	efatra	amby	sivy folo	amby	zato		
251	Iraika	amby	dimam-polo	sy	roan-jato		
5261	Iraika	amby	eni-polo	sy	roan-jato	sy	dimy arivo

LSM 7/2

- The words, "amby" and "sy" are used to express figures read in this way. "Amby" signifies a number higher than 10; "sy", most often, a number larger than 100.
- Amby is used from 11 till 199.
- Sy is used for hundred starting from 200.

## 6. Negotiating prices

The following phrases are often used when bargaining:

- Lafo be izy izany!
- Ataovy \_\_\_\_\_ e!
- Mba ataovy \_\_\_\_\_ e!
- Tsy mety ve raha \_\_\_\_\_?
- Mety ve raha \_\_\_\_\_!

## EXERCISES

### 7. True or False

- Amidy amin'ny tokony ny anana.
- Vidina amin'ny kapoaka ny siramamy.
- Mividy vary amin'ny kapoaka i Koto.
- Mivarotra voatabia amin'ny litatra i Bema.
- Amidy amin'ny toko ny voasary makirana.
- Mividy ligioma amin'ny litatra ny mphandro.
- Mivarotra sakay amin'ny kilao i Soa.
- Mividy akondro amin'ny toko i Bill.
- Vidin'i Anna amin'ny kapoaka ny tsaramaso.
- Amidy amin'ny litatra ny labiera.

### 8. Questions

Using the underlined words as a guide, write a question for each response.

1. Ariary zato ny ovy iray kilao.
2. Roapolo amby zato ariary ny vary iray kapoaka.
3. Mividy hena folo kilao ny mpahandro.

LSM 7/3

4. Dimy ny zanak'i Mupemba.
5. Roanjato no vidin'ny tee-shirt-ko.
6. Manana "basket" telo i John.
7. Roa arivo ariary ny lambahoany iray.
8. Dimy ny zandrin'i Bao.
9. Roapolo sy roan-jato ariary ny vidin'ny timbra.

9. Bijection

Rearrange the phrases so the scrambled dialogue (between the vendor and the customer) becomes coherent.

vendor's lines

customer's lines

A: Telopolo ariary.

B: Lafo be izany.

A: Mora ny karaoty, madama!

B: Hoatrinona ny karaoty 1 toko?

A: Misaotra.

B: Ataovy 25 ariary e!

A: Omeo ny volanao.

B: Ity ary.

A: Tsy mety.

B: Mba ataovy 28 ary e!

10. D'accord 50

Sit in a circle. The trainer will give each of you three cards. As these are played, in turn, the card's value is orally added by its player to the sum of the previously played cards. All cards are face value, except for 9 = 0 and 10 = -10. Any player making the total value of the cards exceed 50 is out of the game. So, if you can make the total stay at, or add up to 50, you win.

11. Task

Go to the market to buy your own food for the weekend. Don't forget to bargain, and be ready to give a report on your expedition next class.

SELF-EVALUATION


I am able to	Not at all	Fairly well	Well
bargain in the market in Malagasy,			

TOPIC: Asa fanao andavanandro (Daily activities)

COMPETENCY: Mahay ny anarana andro sy ny asa fanao mifanaraka amin'izany ny mpiofana (PWBAT name the days of the week and talk about his/her activities.)

---

1. Visual aids



2. Text

Isan'andro: alatsinainy, talata, alarobia, alakamisy, zoma, mianatra teny malagasy sy teknika aho. Ny asabotsy miantseha mividy hena sy voankazo, sakafoko amin'ny "week-end", aho. Mahandro ny sakafonay sy ny namako aho ny alahady. Tsy mivavaka aho amin'io.

3. Cultural notes

Andro fady tsy azo andevenana ny talata sy ny alakamisy.  
(Some activities are forbidden [fady] on certain days. For example, Malagasy don't bury the dead on Tuesday or Thursday.)

Mitovy amin'ny anaran'andro misy azy ny anaran'ny tsena.  
(Markets often are named according to the day they occur: "Anjoma" is the market taking place on "zoma" {Friday}.)

4. Vocabulary

Malagasy	English
<u>Days</u>	
alatsinainy	_____
talata	_____
alarobia	_____
alakamisy	_____
zoma	_____
sabotsy	_____
alahady	_____
<u>Activities</u>	
miala sasatra	_____
miasa	_____
mandihy	_____
mivavaka	_____
milalao	_____
<u>Relevant words</u>	
ny andro	_____
androany	_____
isan'andro	_____
ny herinandro	_____

## 5. Interrogative "Oviana"

Ex: Oviana ianao mandeha any Tanà?  
(When do you go to Tana?)

Oviana ianareo mianatra teknika?

Oviana ianareo mahandro "pizza"?

Oviana ny thanksgiving?  
(When is Thanksgiving?)

Oviana ny "swearing-in"?

- Oviana always occurs at the beginning of a question.

## 6. Frequency adverb "Isaky ny"

Ex: 1. Miantseña i Sally isaky ny zoma.  
(Sally goes shopping every Friday.)

2. Mivavaka isan'alahady aho.

3. Isan'andro, mianatra aho.

4. Mandeha mandihy izahay isaky ny herinandro.

When combined with the name of a day, or another word relevant to time, "isaky ny" becomes an adverb expressing "every". When followed by a word beginning with a vowel, "isaky ny" contracts to "isan", as in ex. 3. This adverb can occur anywhere in a sentence.

## 7. Present tense verbs

Text:

Mianatra i John isaky ny alatsinainy.

Tsy mianatra izy isan'alahady. Miala sasatra izy.

- All the underlined verbs in this text are in the present tense. The letter "m" is the marker indicating the present tense.

## 8. Describing activities

Ex.

- Miofana izahay isan'andro fa isaky ny asabotsy kosa mandihy.
- Tsy miofana izahay fa miala sasatra.
- Mianatra izahay fa tsy matory.


- Phrases used in describing one's activities:

\_\_\_\_\_ fa \_\_\_\_\_ kosa \_\_\_\_\_  
 Tsy \_\_\_\_\_ fa \_\_\_\_\_  
 \_\_\_\_\_ fa tsy \_\_\_\_\_

## EXERCISES

### Picture talk

9. Using complete phrases, describe the activity shown in each picture.



10. Arrange the pictures sequentially so that the activity shown corresponds to an appropriate day.

11. Writing

Write some sentences describing your weekly activities during training.

12. Task

Provided a name, find the person to ask about his/her usual activities. You'll find the following questions helpful:

- Manao inona ianao isan'andro?
- Mandeha mivavaka ve ianao isan'alahady?
- Mandihy ve ianao isaky ny herinandro?
- Oviana ianao miala sasatra?

Then tell him/her about your own daily activities.

SELF EVALUATION

I am able to	Not at all	Fairly well	Well
name the days of the week			
talk about my daily activities in Malagasy.			




TOPIC: Fotoana, Vanin-taona, Fanisana andro (Time, seasons, Calendar)

COMPETENCY: Mahay milaza ora, ny fizarazaran'ny andro ary miresaka ny asa fanao mifanaraka amin'izany ny mpiofana.

(PWBAT tell time, name the parts of a day, and talk about the relevant activities.)

1. Visual aids



2. Dialogue

(Scenario: PCT Dan and Bema discuss Dan's activities.)

B: Nanao inona ianao tamin'ny alahady?

D: Omaly ve? Nanao zavatra be dia be aho. Nifoha tamin'ny folo aho fa tsy nianatra, dia nahandro, dia nisakafo, dia nitsangatsangana tamin'ny hariva.

B: Tsy nivavaka izany ianao?

D: Nivavaka? Tena hadinoko.

3. Cultural note

Mamaritra ny ora sy ny fotoana araka ny faharetan'ny asa atao sy ny fandehan'ny masoandro ny Malagasy. Tsy marina matetika ny fotoana amin'izany ka mahatonga ny fitenenana hoe : "fotoan-gasy".

(Many Malagasy people conceive of time according to the position of the sun, which makes time telling, at best, approximate. Consequently, people are often late for appointments. That's "fotoan-gasy" [Malagasy time].)

4. Vocabulary

Malagasy

English

Activities

mifoha

-----

misasa

-----

misakafo

-----

miasa

-----

matory

-----

Divisions in a day

maraina

-----

hariva

-----

atoandro

-----

alina

-----

Divisions in an hour

